


HAZRAT AYATULLAH AL-OZMA SAYED Al-HUSSENI SISTANI

Talimondine 2021.indd 1 27/09/2021 17:17:37

# TENY FAMPIDIRANA

## BISMILLAHIR-RAHMANIR-RAHIM

Dera ho an'Andriamanitra (ALLAH) ary ny fitahiany ho an'i Nabi Mohammad (saw) sy ireo taranany ary ho an'ireo mpanompony tsara sitrapo rehetra .

Eny ry rahalahy mpino , ela tokoa no niandrasan'ireo ray aman-dreny sy ireo mpanabe mpampianatra finoana, boky enti-mampianatra ny finoana Islamo teto amintsika . ALHAMDOULILLAH, tanteraka moa izany ankehitriny satria dia vita ity ny boky, izay antsoina hoe « TALIMO-DINE ».

Ny fitambaran'ireo cheikh manam-pahaizana mpitarika finoana mikambana ao amin'ny Institut Islamique de Madagascar no vy nahitana sy angady nananana tamin'izao famoronana boky izao. Tsy nataon'izy ireo ho an'ny ankizy, na ho an'ny kilasy voalohany fotsiny ihany izy ity, fa ho an'ny sokajin-taona rehetra sy ny kilasy rehetra vao hanomboka hianatra finoana.

Tsara ho marihina anefa fa ity boky kely ity dia karazana famintinana ihany, kanefa dia ahitana ireo tsara ho fantatra rehetra momba ny finoana Islamo. Tsy ho ela INCHA-ALLAH dia hivoaka indray ny boky manaraka somary mivelatra kokoa ho an'ireo izay efa nahavita ity boky ity.

Ny sary izay eo amin'ny takelaka voalohany dia sarin'ny Marjan (Mojtahed) izay ataontsika SHIA ITHNA ASHERI « Taklid » amin'izao fotoana sy andro nanoratana ny boky izao. Izy no Ayatollah Sayed Ali Al-Housseini Sistani (M.A) .

Farany dia fisaorana no atolotray ho an'ireo rehetra izay nandray anjara nanampy tamin'ny fanatontosana ity boky ity.

**Ho an'izy rehetra anie ny fitahian'Andriamanitra. Amin !**

**Ny Komity mpandrindra.**

**BISMI-LLAHIR-RAHMANIR-RAHIM**

# LESONA N° 01

# NY MPINO SILAMO

**1- NY AKIDA (NY FINOANA)**

**KALEMA :**

*LA ILAHA ILLA LLAH
Tsy misy Andriamanitra afa tsy ALLAH (tokana)
*MOHAMMADON-RASOLO-LLAHI
Mohammad dia Irak'Andriamanitra
*ALLIANE WALIO LLAH
Ali dia wali (sakaizan') Andriamanitra
*WASIYO RASOLI LLAHI
Wasiyo (mpandovan') ilay irak'Andriamanitra
*WA KHALIFATOHO BILA FASLI
Ary mpandimby azy ara-pinoana tsy misy elanelana

**MPINO SILAMO AHO SATRIA :**

*Allah no Andriamanitro ary Izy koa no tompoko.
*Mohammad (saw) no Mpaminaniko
*Ali (as) no Imam-ko
*Ny finoana Silamo no dini-ko
*Ny kor'any masina no bokiko
*Ny Kaaba (any Lameka) no fitodihako (Kiblat)
*Mino ny Paradisa (Jannat) sy ny afobe (Jahannam) aho, ary
*Manaiky sy mankato ny didin'Andriamanitra aho.

***FANONTANIANA* :**

1- Inona no atao hoe '' KALEMA'' ? Tanisao ny andinin'ny KALEMA na ataovy ny KALEMA
2- Iza no tomponao ary iza no Mpaminaninao ?
3- Moa ve mino ny Paradisa sy ny Afobe ianao ?
4- Aiza no fitodihanao ?
5- Iza no Imam-nao ?

# LESONA N° 02

## NY FOTOTRA IORENAN'NY FINOANA

## '' OSOLE-DINE''

Mizara roa lehibe ny finoana Silamo :

- Voalohany : OSOLE- DINI ( Fototra iorenan'ny  Finoana )
- Faharoa : FOROE- DINI (Rantsan'ny Finoana)

Fa ny OSOLE- DINI kosa dia mizara dimy (5) :

1- Taohid,
2- Adalate,
3- Noboate,
4- Imamate,
5- Kiamate.

***FANAZAVANA*** **:**

1- NY TAOHID : dia ny finoana fa tokana tsy manampaharoa Andriamanitra. (ALLAH)
2- NY ADALATE : dia ny finoana fa Andriamanitra dia marina tsy miangatra.
3- NY NOBOATE : dia ny finoana fa Andriamanitra dia naniraka ireo Mpaminany marobe mba hitari-dalana sy hampianatra ny olombelona.
4- NY IMAMATE : dia ny finoana fa Andriamanitra dia nanafatra ny Mpaminany Mohammad (saw)  mba hanendry ireo Imam aoriany.

   Ireo Imam ireo dia miisa roa ambiny folo (12) :

| | | | |
|---|---|---|---|
| 1- | Imam Ali (as) | 7- | Imam Mosa Kazim (as) |
| 2- | Imam Hassan (as) | 8- | Imam ALI RAZA (as) |
| 3- | Imam houssein (as) | 9- | Imam Mohammad Taki (as) |
| 4- | Imam Zainoul abedine (as) | 10- | Imam Ali Naki (as) |
| 5- | Imam Mohammad Bakir (as) | 11- | Imam Hassan Askari (as) |
| 6- | Imam Ja'far Sadik (as) | 12- | Imam Mohammad Mehdi (aj) |

5- NY KIAMATE; dia ny finoana fa Andriamanitra dia hamelona indray ny olombelona aorian'ny fahafatesany mba hitsarana ny asa vitan'izy ireo. Ka izay nanao asa soa dia hiditra ny Paradisa, ary izay nanao ny asa ratsy dia hiditra ny Afobe.

**A- IREO OLOMASINA DIMY (5) "PANJETANE''** :

1- Ya Mohammad (saw)

2- Ya Ali (as)

3- Ya Fatema (as)

4- Ya Hassan (as)

5- Ya Houssen (as)

**B- FAMPAHATSIAHIVANA**

Rehefa manonona ny anaran'ireo olomasina ireo dia tokony ampiarahina fangataham-pitahiana izany, na anaovana Salawat, indrindra rehefa manonona ny anaran'ny Mpaminany Mohammad (saw)

**C- NY SALAWAT :**

"ALLAHOMA SOALLI ANLA MOHAMMAD OA AALI MOHAMMAD''

"ANDRIAMANITRA O ! TAHIO MOHAMMAD SY NY TARANAK'I MOHAMMAD''.

**FANONTANIANA :**


1- Mizara roa ny DINI-SILAMO, inona avy izy ireo ?

2- Tanisao ireo OSOLE-DINI ?

3- Inona no atao hoe ''IMAMATE'' ?

4- Miisa firy ireo Imam-tsika ? Tanisao avy izy ireo.

5- Iza avy ireo "PANJETANE'' ?



# LESONA N° 03

## NY RANTSAN'NY FINOANA

## ''FOROE-DINI''

Folo (10) no isan'ireo ''FOROE-DINI'' :

1- Soalat
2- Saomo
3- Hadj
4- Zakat
5- Khoms
6- Jihad
7- Amra Bil-ma'arofi
8- Nahi Aanil-mon'kari
9- Taoalla
10- Tabar

**A- FANAZAVANA**

1-NY SOALAT : dia vavaka fanompoana izay tsy maintsy atao in-dimy (5) isan'andro.

2-NY SAOMO : dia ny fifadiankanina sy ny fifehezana atao mandritra ny volana Ramadany.

3-NY HADJ : dia ny fivahinianana masina izay atao any Lameka

4-NY ZAKAT : dia ny famoahan'olona ampahany avy amin'ireo harenany ho an'ny mahantra.

5-NY KHOMS : dia ny famoahan'ny olona ny IRAY AMPAHADIMY (1/5) na 20% n'ny tombombarotra azony tao anatin'ny iray taona. Ny ½ n'io vola io dia omena ireo SADATE (taranaky ny Mohammad) izay mahantra, ary ny an-tsasany sisa dia ho an'ny Imam Sahebo-Zamani (aj), kanefa ireo mpisolo toerana azy (Marja) no mitantana ireo vola ireo.

6-NY JIHAD : dia ny ezaka masina.

7-NY AMRA BIL-MA 'AROFI : dia ny famporisihana ny hafa mba hanao asa soa.

8-NY NAHI ANIL-MON'KARI : dia ny fanakanana ny hafa mba tsy hanao ny asa ratsy.

9-NY TAOALLA : dia ny fitiavana an'ireo olomasina efatra ambiny folo (14) sy ireo rehetra mankatia azy ireo.

10- NY TABARRA : dia ny fanalavirana izay fahavalon'ireo olomasina efatra ambiny folo (14) ireo.

**B- IREO MASSOUME (AS) OLOMASINA-14**

Dia i Nabi Mohammad (saw) sy ny zanany vavy Fatema al-Zahra (as) ary ireo Imam roa ambiny folo (12).

Efatra ambiny folo (14) no isan'ireo olomasina izay antsoina hoe Massoume.

**C- IREO ANARAM-BOLANA SILAMO :**

Roa ambiny folo (12) no isan'izy ireo, dia ireto avy izany :

1- Moharram
2- Safar
3- Rabiol Awal
4- Rabiol Akhar
5- Jamadil AWAL
6- Jamadil Akhar
7- Rajab
8- Shaban
9- Ramadani
10- Shawal
11- Zilkad
12- Zilhaj

**FANONTANIANA :**

1- Firy no isan'ireo FOROE-DINI ? Tanisao avy.
2- Inona ny Soalat ?
3- Inona ny Saomo ?
4- Volana inona no fanaovana ny Saomo ?
5- Iza avy ireo Massoume efatra ambiny folo ?
6- Tanisao avy ireo anaram-bolana Silamo.

## LESONA N°04

## NY SIFATO SOBOTIA

Ny atao hoe ''Sifato Sobotia'' dia ireo toetra raikitra misy ananan'I Allah. Miisa valo (8) izy ireo, dia ireto avy izany :

1- Allah Kadim
2- Allah Kadir
3- Allah Alim
4- Allah Hay
5- Allah Morid
6- Allah Modrik
7- Allah Motakalim
8- Allah Sadik

A – **FANAZAVANA :**

1- ALLAH KADIM : Andriamanitra dia efa nisy hatramin'izay ho mandrakizay, tsy misy fiandohana ary tsy misy fiafarana.
2- ALLAH KADIR : Andriamanitra dia mahefa, afaka manao izay rehetra tiany atao.
3- ALLAH ALIM : Andriamanitra dia manampahaizana, mahay sady mahalala ary mahafantatra ny zava-drehetra.
4- ALLAH HAY : Andriamanitra dia velona, tsy andairan'ny fahafatesana izy.
5- ALLAH MORID : Andriamanitra dia manao zavatra amin'ny sitrapony, tsy misy fanerena avy amin'ny hafa.
6- ALLAH MODRIK : Andriamanitra dia mahatsapa sy mandre ary mahita ny zava-drehetra ataon'ireo zavaboahariny.
7- ALLAH MOTAKALLIM : Andriamanitra dia afaka mampiteny ny zava-drehetra satria izy no tompon'ny teny.
8- ALLAH SADIK : Andriamanitra dia marina amin'ny teniny sy ny toky izay nomeny, ary tsy mba mandainga izy.

**FANONTANIANA :**

1- Iza moa Allah ?
2- Miisa firy ireo Sifato Sobotia ? Tanisao avy.
3- Inona no atao hoe "Sifato Sobotia'' ?
4- Inona no dikany hoe ''Allah Motakallim'' ?
5- Moa ve mandainga Andriamanitra ?

## LESONA N° 05

## NY SIFATO SALBIATE

Ny atao hoe ‘’ Sifato Salbiate ‘’ dia ireo toetra tsy misy amin’ny Allah. Miisa (8) izy ireo, dia ireto avy izany:

1- Tsy misy Charik Izy
2- Tsy Morakab Izy
3- Tsy misy Makani Izy
4- Tsy Holol Izy
5- Tsy Mahale Hawadis Izy
6- Tsy Mara-y Izy
7- Tsy Mohtaj Izy
8- Tsy Zaid ny toetrany

**A- FANAZAVANA** :

1- TSY MISY CHARIK IZY : Tokana tsy manam-paharoa Izy.
2- TSY MORAKAB IZY : Izany hoe, tsy fitambaran-javatra maromaro no manome Azy
3- TSY MISY MAKANI IZY : Tsy manana toerana raikitra Izy, satria Izy tsy vatana (na tsy misy vatana).
4- TSY HOLOL IZY : Tsy miditra no sady tsy hidiran-javatra Izy.
5- TSY MAHALE HAWADIS IZY : Tsy misy fiovana no sady tsy hisy fiovana Izy.
6- TSY MARA-Y IZY : Tsy hita maso Izy ary tsy ho hita, satria tsy vatana (na tsy misy vatana).
7- TSY MOHTAJ IZY : Andriamanitra dia ampy, tsy mila fanampiana avy amin’ny hafa, satria Izy ilay Ghani (Mpanankarena).
8- TSY ZAID NY TOETRANY : Andriamanitra sy ny toetrany dia iray ihany.

**FANONTANIANA :**

1- Inona no atao hoe '' sifato salbiate'' ?

2- Miisa firy ireo ''Sifato Salbiate'' ?

3- Inona no atao hoe ''Allah tsy Mara-y'' ?

4- Moa ve matory Andriamanitra ?

5- Moa ve Morakab Andriamanitra ?



# LESONA N° 06

## IREO MPAMINANY SY IREO IRAKA

## ‘’IREO AMBIA SY IREO RASOLO’’

### 1- IZA MOA IREO NABI (Mpaminany) ?

Be loatra ny fitiavan’Andriamanitra antsika olombelona, ka tsy navelany ho irery tsy hanana mpitarika mpanoro làlana hampianatra ny Dini sy ny fahendrena ary hanoro antsika ny làlana marina tokony hizorana Izy. Noho izany dia nandefa mpaminany 124 000 Izy, nanomboka tamin’ny Nabi Adama (as) ka niafara tamin’ny Nabi Mohammad (saw), mba hitarika antsika ho amin’ny làlan’ny fahamarinana.

### 2- IREO TOETRA HITA AMIN’IREO NABI :

Ireo Nabi ireo dia lehilahy mendrika sy tsara fitondran-tena, masina tsy manota izy ireo, ary mankato ny baikon’Andriamanitra. Anisan’ny zava-dehibe mampiavaka azy ireo ny fahamarinana, ny fahatokisana, ary ny fitondran-tena mendrika ananan’izy ireo. Tsy matahotra afa-tsy Andriamanitra irery ihany.

### 3- NY KARAZANA NABI :

Nozarain’Andriamanitra karazany roa (2) ireo Nabi ireo :

**A-** Dia ireo Nabi izay nalefany tamin’ireo tanàna madinika sy tanàn-dehibe vitsivitsy ihany, mba hampianatra ny didin’Andriamanitra. Anisan’ireny ohatra Nabi Hod, Nabi Soaleh, Nabi Younous, Nabi Ayoub, Nabi Zakaria, Nabi Yahia…sns….

**B-** Ny faharoa dia ireo Nabi izay nalefan’Andriamanitra ho an’izao tontolo izao, nalefan’Andriamanitra niaraka tamin’izy ireo ny boky Masina. Izy ireo no antsoina hoe ‘’Rasolo’’ (Iraka) izay miisa 113, ka dimy (5) amin’izy ireo no lehibe indrindra no sady manam-boninahitra indrindra izay antsoina hoe OLOL-AZMI.

### 4- IREO NABI ‘’OLOL-AZMI’’ :


1- Nabi Noho (as)
2- Nabi Ibrahim (as)
3- Nabi Mossa (as)
4- Nabi Issa (as)
5- Nabi Mohammad (saw)

**5-IREO BOKY MASINA:**

1- Ny Boky taorat (nentin'i Nabi Mossa) ''as''
2- Ny Boky Zabor (nentin'i Nabi Daoud) ''as''
3- Ny boky Injil (nentin'i Nabi Issa) ''as''
4- Ny boky Kor'any (nentin'I Nabi Mohammad ) ''saw''

**FANONTANIANA:**

1- Iza moa ireo Nabi ? Ary firy no isany.
2- Inona no andraikitra nomen'Andriamanitra an'ireo Nabi ?
3- Misy karazany firy ireo Nabi ? Lazao avy.
4- Tanisao ny anaran'ireo Nabi ''Olol-Azmi" ?
5- Tanisao ny anaran'ireo Boky Masina fantatrao sy ny anaran'ireo Nabi nitondra azy ?



**LESONA N° 07**

# IREO NABI SY NY FAHAGAGANA

## "MOJIZA"

### 1- FAHAGAGANA (MOJIZA) :

Raha misy olona mitono-tena ho mpaminany, inona no zava-boalohany takian'ny vahoaka aminy ?

Ny zava-boalohany takian'ny vahoaka aminy dia ny fanamarihana manam-porofo ny maha-mpaminany azy. Io fanamarihana io dia antsoina hoe "fahagagana". Izany dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ho an'ireo mpaminany. Ny atao hoe "fahagagana" dia zavatra izay nasehon'ireo Nabi kanefa tsy vitan'ny zavaboahary hafa ny fanatanterahana azy.

### 2- NY FAHAGAGANA VITAN'IREO NABI :

**A- NABI MOSSA** (as) : ilay tehina mahagaga nentiny dia nandresy an'i Firaôna.

**B- NABI ISSA** (as) : Nanasitrana ny marary , nampahitra ny jamba, namelona ny maty.

**C- NABI MOHAMMAD** (saw) : Ny Kor'any Masina no fahagagana lehibe indrindra amin'ireo fahagagana maro hafa nentiny, ohatra amin'izany ity andininy iray ity : "Lazao! Na dia hitambatra daholo aza ny olombelona sy ny Jinne mba hanamboatra (boky) tahaka ity Kor'any ity dia tsy hahavita mitovy aminy izy ireo….."Kor: 18;5".

**FANONTANIANA :**

1- Inona no atao hoe "Mojiza" ?
2- Avy aiza ny fahagagana ?
3- Inona no fahagagana nentin'I Nabi Mossa (as) ?
4- Lazao ny fahagagana vitan'I Nabi Issa ?
5- Fahagagan'iza ny Boky Masina Kor'any ?

## LESONA N° 08

## IREO IMAM (a.s)

Fantatra fa ny sekoly dia tsy maintsy mitady Talé, ny miaramila dia tsy maintsy mitady mpitari-tafika, ny firenena dia mitady filoha. Ka raha misy ny tsy maha eo ny iray amin'izy ireo, dia iza ary no afaka misolo toerana azy?

Mazava ho azy fa ny visy na ny lefitra no hisolo toerana azy.

Dia tahaka izany koa ny toerana misy an'Nabi Mohammad (saw), satria Izy no Talé, Izy no mpitari-tafika, Izy no filoha. Tsy napetrany tsy hanana mpitarika ireo mpino Silamo maro be, fa nanendry olona Izy araka ny baiko avy tamin'Andriamanitra, mba ho mpitarika hitondra ny vahoaka aorian'ny fahafatesany. Ka ireo olona notendreny ireo no antsoina hoe "Imam".

Ny Imam izany dia mpandimby ara-pinoana (Khalifa) ny Nabi Mohammad (saw) no sady lefitra. Tendrena araky ny baiko avy amin'Andriamanitra izy ireo, fa tsy azo fidin'olombelona.

### 1- NY MAMPIAVAKA AN'I NABI MOHAMMAD (saw) SY IREO IMAM :

Raha ny marina dia zavatra tokana monja no mampiavaka ny Nabi Mohammad (saw) sy ireo Imam. Tsy inona izany fa ny faminaniana na ny fanambarana (Wahi); Nabi Mohammad (saw) dia mandray mivantana ny fanambarana (Wahi) avy amin'Andriamanitra ilay avo indrindra, fa ireo Imam kosa dia maka fampianarana avy amin'ny Nabi Mohammad (saw) mivantana, na avy amin'ilay Imam teo aloha.

Ankoatran'io dia ny asa izay nataon'ny Nabi (saw) no fomba amam-panao ataon'ireo Imam (as).

### 2- NY TOETRA MISY AMIN'IREO IMAM (AS) :

A- Ireo Imam ireo dia olo-masina tsy manota (Massoume ) ary tsy manohitra mihitsy ny baikon'Andriamanitra.

B- Avo fahaizana mihoatran'ny olon-drehetra izy ireo eo amin'ny raharaham-pinoana.

C- Manana ny toetra sy ny fitondrantena faran'izay mendrika sy tsara indrindra.

## 3- IZA MOA IREO IMAM IREO ?

Tamin'ny Hadj nataon'ny Nabi Mohammad (saw) farany, dia namory ireo mpino Silamo rehetra Izy (saw), teo amin'ny toerana antsoina hoe "Ghadir Khom". Rehefa vory avokoa ny olon-drehetra dia nanao antso avo izy (saw) sady nanome baiko ireo mpino mba handray tànana an'I Ali Ibne Abi Talib (as) izay ho mpandimby (Khalifa) azy (saw), rehefa maty izy. Izao no zavatra nolazainy tamin'izy ireo: "Andriamanitra ô! Izay nandray ahy ho Maola-ny (Lehibeny), dia indro I Ali MAOLA-ny (lehibeny) ...''

Mbola nampiany indray izany, hoe: '' Ireo Imam handimby ahy dia miisa roambiny folo (12), ary avy amin'ny foko Koraychi avokoa izy ireo.

**FANONTANIANA:**


1- Inona no mampiavaka an'I Nabi (saw) sy ireo Imam (as) ?

2- Lazao ny toetra misy amin'ireo Imam (as) ?

3- Taiza ireo toerana nanendrena an'I Ali (as) ho Wassi sy ho Khalifa teo anatrehan'ireo mpino ?

4- Baiko avy amin'iza no nanendren'i Nabi(saw) an'ireo Imam ireo ?

5- Firy no isan'ireo Imam (as) hoy Nabi (saw) ?



Talimondine 2021.indd 14 27/09/2021 17:17:38

## LESONA N° 09

## ”NY TAKLID”

Ny “Taklid” dia “wajib”. Ny mpino Silamo “Shia” rehetra dia tsy maintsy manaraka “Mojtahed” (Aalam) iray eo amin’ireo asa rehetra izay ataony. Ny lalàna sy ny hevitra ary ny didy avoakan’ny “Marja” no fitsipika tsy maintsy arahina amin’izany.

### 1- NY MOJTAHED :

Dia olona nianatra sy nandalina mafy momba ny didy aman-dalàna Islamo,(Chariat). Ny kor’any Masina sy ny “Hadis” no nampiasainy tamin’ny famolavolana ireo lalàna ireo.

### 2- NY MARJA :

Marja no iantsoana ny Mojtahed manampahaizana indrindra (Aalam) izay mamoaka didy aman-dalana Islamo, voaraikitra ao anatin’ny boky nosoratany, taorian’ny fikarohana sy ny fandalinany, ka anaovan’ireo mpino Silamo (Shia) Taklid azy. (*Jereo ny fanazavana amin’ny “TENY FAMPIDIRANA*”

### 3- NY HARAMO :

NY Haramo dia midika hoe “Fady” na “voarara”.

Ireo zava-drehetra izay voararan’Andriamanitra fa tsy azo atao na tsy azo hanina dia Haramo avokoa.

### 4- NY HALAL :

Ny halal dia mifanohitra amin’ny Haramo, izany hoe; ireo zavatra rehetra izay tsy fady na tsy voararan’Andriamanitra ny fanaovana azy, dia Halal avokoa. Ohatra amin’izany ireo sakafo fihinana.

### 5- NY MOSTAHAB NA NY SONNAT :

Ny Mostahab na ny Sonnat dia ireo asa rehetra ahazoana valisoa na fahasoavana ny fanaovana azy, izany hoe; tsara ny fanatanterahana azy, kanefa tsy ahazoana fahotana ny famelàna azy.

### 6- NY MAKROHO :

Ny Makroho dia mifanohitra amin’ny Mostahab na ny Sonnat, izany hoe; tsy tsara ny fanaovana azy, ka tokony tsy hatao na avela.

**7- NY WAJIBO :**

Ny Wajibo dia ilazana ny asa izay nofaritan'ny lalàna Islamo (Charia) ho tsy maintsy hatao, ka ny tsy fanatanterahana izany dia fahotana.

**8- NY MOBAHA :**

Ny mobaha dia entina ilazana ireo asa na zavatra izay tsy voarara ary tsy misy rahoraho, izany hoe; ny fanatanterahana azy dia tsy ahazoana fahasoavana no sady tsy ahazoana fahotana.

***FANAMARIHANA :***

Marihina fa ireo rehetra ireo no mamehy ny asa sy ny fomba amampanao izay ataontsika isan'andro, araky ny didy aman-dalana avoakan'ny Marja izay anaovan-tsika Taklid.

***FANONTANIANA :***

1- Inona no atao hoe " Taklid" ?

2- Olona manao ahoana no antsoina hoe "Mojtahed" ?

3- Iza no anaran'ilay "Marja" ataonao "Taklid"

4- Inona no dikan'ny "Haramo" ?

5- Inona no fiantsoana ny asa izay tsy tsara ny fanaovana azy ka tokony havela ?



## LESONA N° 10

## NY TOAHARA SY NY NAJIS

## "NY MADIO ARA-PINOANA SY NY MALOTO ARA-PINOANA"

***FAMARITANA* :**

**1- NY TOAHARA :**

Ny "Toahara" dia fahadiovan'ny vatana, na ny fitafiana, na ny sakafo, esorina tsy ho eo aminy ireo karazan-doto ara-pinoana (Najis).

Ny Fandroana (Ghosl) sy ny fidiovana Masina (Wozo) amin'ny rano dia anisan'ireo fomba enti-manadio.

**2- NY NAJIS**

NY "Najis" dia fahalotoana ara-pinoana mahazo ny vatana, na ny fitafiana, na ny sakafo, izay tsy maintsy esorina na diovina mba hahatonga azy hadio ara-pinoana (Toahara).

Tsy azo atao ny; mitondra vatana Najis, mitafy fitafiana Najis, mihinana sakafo Najis.

Ireto avy ireo karazana zavatra Najis :

1- Ny kaka
2- Ny pipy
3- Ny râ (lio)
4- Ny Toaka
5- ny fatim-biby maty ho azy
6- Ny Alika
7- Ny Kisoa
8- Ny ranonaina
9- Ny tsy mpino (Kafir)
10- Ny fatin'olombelona mbola tsy voadio (Toahara).

**FANONTANIANA :**

1- Inona no atao hoe "Toahara" ?
2- Ilaina ve ny fahadiovana ?
3- Inona no fomba enti-manadio ?
4- Inona no atao hoe "Najis" ?

## LESONA N° 11

### IREO KARAZAN-JAVATRA VOARARA NA "HARAMO"

Indreto misy karazan-javatra vitsivitsy izay voararan'Andriamanitra, ka tsara ny ahafantarana azy :

**1- <u>NY TOAKA :</u>**

"Haramo" ny fisotroana toaka na alikôla, sy izay rehetra manana endrika toaka, ka miteraka hamamoana.

**2- <u>NY RONGONY :</u>**

"Haramo" ny fifohana, na fihinanana, na fitsondromana zava-mahadomelina sy izay rehetra manana endrika rongony.

**3- <u>NY KISOA :</u>**

"Haramo " tanteraka mihitsy ny kisoa; na ny fatiny, ny henany, ny taolany, ny ràny (liony)…sns …dia tena tsy azo hanina na kasihina mihitsy. *(Jereo ny fanazavana lesona N° 16)*

**4- <u>NY HAZANDRANO :</u>**

"Haramo" ny fihinanana an'ireo hazandrano izay tsy misy kirany, toy ny : amalona, gogo, atsantsa…..sns (Jereo ny fanazavana lesona N° 16).

**5- <u>NY KOPINDRA :</u>**

Ny atao atao hoe "kopindra" dia ireo biby maty ho azy, na ireo biby izay tsy voalenta araka ny fomba fandentana izay nambaran'ny lalàna Silamo (Charia). Ny fihinanana azy io dia "Haramo" tanteraka.

**6- <u>NY MOZIKA</u> :**

Ny fihainoana mozika dia "Haramo", toy izany koa ny fandihizana sy fanehoana fihetsika miendrika dihy na dia tsy misy mozika aza.

**7- <u>NY VOLOMBAVA :</u>**

Ny fiaratana volombava dia "Haramo", azo atao anefa ny manamboamboatra na mandamindamina azy ho ivaiva, fa ny fiaratana azy tanteraka dia tsy azo atao.

**8- NY ZANA-BOLA NA RIBA :**

Ny fakana tombontsoa (intérêt) amin'ny zana-bola (Riba) dia "Haramo", azo atao anefa ny fampitrosana madio tsy misy zana-bola.

**9- NY FIJANGAJANGANA NA ZINA :**

Ny fijangajangana sy ny fanimbana zanak'olona ary ny fangalarana vadin'olona dia "Haramo" avokoa.

**10- NY FILOKANA :**

Ny filokana dia "Haramo", toy izany koa ny fiaraha-mipetraka sady fanampiana an'ireo mpiloka.

**FANAMARIHANA:**

Matoa ireo rehetra ireo noraran'Andriamanitra dia noho ny voka-dratsy aterany, izay mety hanimba ireo olona manao izany.

**FANONTANIANA :**

1- Moa ve azo sotroina ny toaka ?

2- Inona no atao hoe toaka ?

3- Hena manao ahoana no atao hoe "kopindra" ?

4- Mitanisà zavatra dimy (5) voarara fa "haramo" ?

5- Nahoana no noraràn'Andriamanitra ireo zavatra "haramo" ireo ?



# LESONA N° 12

## IREO DIKAN-TENY ARABO FAMPIASA

### 1- <u>NY MOSLIM :</u>

Ny “Moslim” no fiantsoana ny olona efa namaky na nahavita ny “Kalema” sady mino ny andro farany, izany hoe; mino an’Andriamanitra ary mino an’i Nabi Mohammad (saw).

### 2- <u>NY MOMINE :</u>

Ny “Momine” dia izay mino an’Andriamanitra ho ‘’Adil” (tsy miangatra) sy mino an’i Nabi Mohammad (saw) ary mino an’ireo olona Imam roa ambiny folo (12), sady manaraka na manatanteraka ny didin’izy rehetra ireo.

### 3- <u>NY KAFIR :</u>

Ny “Kafir “ dia izay tsy mino an’Andriamanitra sy tsy mino ny Mpaminany Mohammad (saw).

### 4- <u>NY MOCHRIK :</u>

Ny “Mochrik” dia izay manambatra an’Andriamanitra amin’ny zavatra hafa, na izy milaza azy ho roa, na telo, na mihoatra.

### 5- <u>NY MONAFIK :</u>

Ny “Monafik” dia izay miatsaravelatsihy, izany hoe; avy ety ivelany izy dia mampiseho ny tenany ho mpino kanefa ny ao am-pony tsy mino.

### 6- <u>NY MORTADE :</u>

Ny” Mortade” no fiantsoana ny olona izay nivadika na niala tamin’ny finoana Silamo.

*Mizara roa (2) anefa ny “Mortade” :*

A- NY MORTADE MILLI; dia izay olona “Kafir” teo aloha, niditra Silamo, avy eo niala tamin’ny finoana Islamo indray.

B- NY MORTADE FITRI; dia izay efa Silamo hatrany ampiterahana, kanefa avy eo niala tamin’ny finoana Islamo.

**7- <u>NY YAHODI :</u>**

Ny "Yahodi" dia ireo Jiosy izay manaraka ny finoana nentin'ny nabi Mossa (as).

**8- <u>NY MASIHI :</u>**

Ny "Masihi" dia ireo Kristianina izay nanaraka ny Nabi Issa (as).

**9- <u>NY MAJOSI :</u>**

NY "Majosi" no fiantsoana ireo olona izay mpanompo afo.

**10- <u>NY KAFIR ZIMMI :</u>**

Ny "Kafir Zimmi" no fiantsoana ireo Kafir mipetraka eo ambany fiarovan'ny fanjakana Islamo.

**11- <u>KAFIR HARBI :</u>**

Ny "Kafir Harbi" no fiantsoana ireo Kafir manangana ady amin'ny mpino Silamo.



## LESONA N° 13

## IREO MALAIKA (ANJELY)

Ny olombelona dia namboarin'Andriamanitra tamin'ny tany, fa ny anjely kosa dia namboariny tamin'ny hazavana. Ny Anjely dia tsy manota ary tsy manohitra an'Andriamanitra mihitsy, manompo hatrany no asan'izy ireo, ary samy manana ny andraikiny.

Indreto misy anaran'anjely vitsivitsy izay malaza, ka tsara ny hahafantarana azy ireo :

1- **NY ANJELY JIBRAIL (as) :**

Ny anjely "Jibrail" dia anjely mpitondra faminaniana (Wahi), avy amin'Andriamanitra ho any amin'ireo mpaminany (as)

2- **NY ANJELY MIKAILI (as) :**

Ny anjely "Mikaili" dia anjely mpitondra sy mpizara fahasoavana anjaramasoandron'ny tsirairay na ilay antsoina hoe "Riziki"

3- **NY ANJELY ISRAFILI (as) :**

Ny anjely "Israfili" dia anjely hitsoka an'ilay antsiva na anjomara, na trompetra amin'ny andro farany, izay hampitsangana ny maty rehetra.

4- **NY ANJELY IZRAILI (as) :**

Ny anjely "Izrail" dia anjely mpaka fanahy na mpaka ny ain'ny olombelona. Izy dia malaza amin'ilay anarany hoe : "Maliko-Maoti" (Anjelin'ny fahafatesana)

5- **NY ANJELY MON'KAR SY NAKIR (as) :**

Izy roa ireo dia anjely ho tonga eo am-pasana, ka hanontany ilay olona maty, amin'ny alalan'ireo fanontaniana mampatahotra sady mampangovitra.

### 6- NY ANJELY KIRAMINE KATIBINE (as) :

Ny anjely “Kiramine Katibine” dia anjely eo antsoroky ny olombelona tsirairay avy izay manoratra ny asa tsara sy ny asa ratsy vitany nandritra ny andro-piainany tety ambonin’ny tany, mba ho entina hotsaraina any amin’ny andro farany.

**FANONTANIANA:**


1- Namboarin’Andriamanitra tamin’ny inona ny olombelona ?

2- Inona no maha samihafa ny olombelona sy ny anjeliny ?

3- Moa ve mba manota ireo anjely ?

4- Milazà anjely efatra (4) malaza fantatrao ?

5- Inona no asan’ny “Kiramine Katibine” ?



## LESONA N°14

## IREO DJINN

Ny "Djinn" dia anisan'ireo zavaboarin'Andriamanitra. Ny "Djinn" dia tsy hita maso, kanefa dia miara-miaina amin'ny olombelona eto ambonin'ny tany. Ny olombelona dia namboarin'Andriamanitra tamin'ny tany, ny "Malaika" tamin'ny hazavana, fa ny "Djinn" kosa dia namboarina tamin'ny afo, araka ny voalazan'ny boky masina Kor'any.

Misy amin'ireo "Djinn" ireo ny mpino (Momine) ary misy amin'izy ireo ny tsy mpino (Kafir). Noho izany dia hisy amin'izy ireo ny hiditra amin'ny afobe. Ao anaty Kor'any Masina dia misy Toko iray mitondra ny anaran'ny "Djinn", izay antsoina hoe "Sorate Al Djinn", laharana faha72.

"Iblis" dia anarana "Djinn", iray "Ifrito" koa tahaka izany. Andriamanitra dia niteny ao anaty Kor'any Masina, ao amin'ny "Sorate Zariat", laharana faha-51, andininy faha-56, manao hoe: "Nahary ny Djinn sy ny olombelona Aho (antony) mba hanompo Ahy".

**FANONTANIANA :**

1- Iza ireo Anjely? Ary iza ireo "Djinn" ?
2- Inona no mahasamihafa ny Anjely sy ny "Djinn" ?
3- Namboarina avy amin'inona ny "Djinn" ?
4- Milazà Toko (Sorate) roa izay samy miresaka momban'ny "Djinn" ao anaty Kor'any Masina ?

# LESONA N°15

## NY FAHALALAMPOMBA ISLAMO

## "ADABO ISLAMIA"

Ireto misy fahalalampomba (Adabo) mendrika, izay tsara ny ahafantaran'ny mpino silamo azy ireo :

### 1- NY FIARAHABANA :

Ny mpino Silamo dia miarahaba voalohany ny namany Silamo, amin'ny teny hoe: "Assalam Alaykom", ary mamaly ny fiarabahana atao azy, amin'ny teny hoe: "Wa alaykom Salam".

### 2- NY FIRESAHANA :

Ny mpino Silamo raha miresaka dia amin'ny feo ambany sy tony, tsy miteny ratsy olona na manao teny an'avona.

### 3- NY FAMANGIANA :

Ny mpino Silamo dia tsy mba miditra an-tranon'olona raha tsy mahazo alàlana amin'ny tompontrano, ary mandondona alohan'ny hiditra ny trano.

### 4- NY FISAKAFOANANA :

Ny mpino Silamo dia manasa tànana sy mihotsam-bava ary miteny hoe "Bismillahir Rahmanir Rahim" alohan'ny hisakafo. Ary rehefa vita ny fisakafoanana dia miteny hoe "Al-Hamdo lillahi Rabil Alamina", sady mandeha manasa tànana sy mihotsam-bava.

### 5- NY FAHADIOVANA :

Ny mpino Silamo dia olona madio sy milamina, tsy mba tia zavatra maloto. Nabi Mohammad (saw) dia efa nilaza fa : "Ny fahadiovana dia anisan'ny Imani".

Ny Imany dia finoana lalim-paka ao am-po.

**6- FANAJANA :**

Ny mpino Silamo dia mahay manaja ny hafa, indrindra fa ireo zokiolona.

Manampy ny osa sy ny mahantra koa izy.

**7- NY NAMANA :**

Ny mpino Silamo dia mahay mifidy ny olona ataony namana,ka ny olona tsara toetra sy mendrika ary mahalala fomba no fidiny ho namana.

**8- NY RAY AMAN-DRENY :**

Ny mpino Silamo dia mitia an'ireo Ray aman-dReny izay nahitany masoandro, manaja sy mankato azy ireo izy, tsy manao teny na fihetsika mety hahasosotra azy ireo. Tsy mba mampijaly ny Ray aman-dReniny ny mpino Silamo, manampy sy manome valibabena azy roa amin'ny fotoana maha-lehibe sy antira azy ireo.

**9- NY FISAORANA :**

Ny mpino Silamo dia mahay misaotra izay rehetra nanome na nanao soa azy, ary mahay mamaly ny soa natao azy koa izy.

**10- N Y FAHAMARINANA :**

Ny mpino Silamo dia mahay miteny ny marina mandrakariva, tsy mandainga, tsy mamitaka, tsy misoloky, tsy mitsikilo ny ataon'ny olona hafa, tsy mampiady olona, tsy mifosa olona, ary tsy manendrikendrika olona amin'ny zavatra tsy nataony.

**FANONTANIANA :**

1- Inona no atao hoe "Adabo Islamia" ?

2- Inona no lazaina rehefa miarahaba ?

3- Inona no lazaina rehefa alohan'ny hisakafo ?

4- Inona no lazain'ny Nabi (saw) mikasika ny fahadiovana ?

5- Moa ve mba manaja ny mpino Silamo ?

## LESONA N°16

## IREO BIBY FIHINANA (Halal)

## SY NY TSY FIHINANA (Haramo)

AZO SOKAJIANA TELO LEHIBE IREO BIBY IREO :

- IREO VORONA MANIDINA SY NY TSY MANIDINA,
- IREO AO ANATY RANO (Hazan-drano)
- IREO AN-TANETY (Bibidia, biby fiompy).

### A) IREO VOROMANIDINA:

Ireo sokajim-borona manaraka ireto dia tsy azo hanina (haramo)

1- Ireo izay manana hoho lava (griffe) ka manao fanafihana ireo namany, na lehibe toy ny voromahery (aigle) izany na kely toy ny ramanavy (fanihy kely)

2- Ireo izay mamelatra elatra ela-be ary mikopaka kely fotsiny rehefa eny am-panidinana; ary matetika izy ireny dia manana hoho lava ka fady (Haramo) ny fihinanana azy ireny toy ny papango (vautour, goaika, fanihy...)

3- Ireo vorona tsy manana na dia iray aza amin'ireto zavatra telo manaraka ireto :

   a) Ny tsetsekany  (takorobabony) : Jabot

   b) Ny haranany (gésier)

   c) Ny fantsiny (ergot)

4- Ireto avy ny vorona sasantsasany izay azo hanina rehefa voalenta araka ny fomba Silamo (CHARIA).

Izany hoe : alohan'ny hanapahana ny vozony (tendany) dia atodika amin'ny Kibla (Lameka) ny lohany dia miteny hoe: " BISMILLAH-ALLAHO AKBAR" (Mostahab ny mampisotro rano ny biby alohan'ny hamonoana azy). Akoho, ganagana, gisa, vorontsiloza, dokotra, vivy, gana manidina, tomendry(akanga), voromailala, voronkely sasantsasany (fody, valala sns).

5- Ary ireo vorona manana elatra ka izay tsy manakopaka izany tsy ankijanona dia azo hohanina daholo, toy ny voromailala…

**B. IREO HAZANDRANO**

1- Azo hanina ireo hazandrano misy kirany mandrakotra ny vatany toy ny tilapia,trondro gasy, ny tsitsika (crevette), sns….

2- Misy anefa ireo trondro tsy ahitana kirany eny amin'ny vatany kanefa ny fiandohany dia nisy saingy niala noho ny fikasokasohany tamin'ny vato na fasika, sns….

3- Ireo tsy misy kirany tamin'ny fiandohany kosa dia tsy azo hanina toy ny amalona (anguille), ny atsantsa (requin), ny trozona, ny gogo, ny sahona (sahobakaka), ny horita, ny fano, sns…

4. toy izany koa, fady ny mihinana ireo biby miaina amin'ny toerana roa antanety sy anaty rano, ohatra drakaka (crabe), sokatra (tortue), ny voay (crocodile) sns….

Izy ireo dia miaina anaty rano no sady miaina an-tanety ka tsy halal ny fihinanana azy ireny.

**D- IREO BIBY AN-TANETY**

IREO BIBY TSY AZO HANINA (HARAMO)

Ireto manaraka ireto :

- Ireo bibidia (sauvages) izay manafika ny namany ka mifampihinana toy ny: liona , tigra, bibilava, saka….
- Ireo biby manana vangy (canines) lava manapaka toy ny fosa sy ny lambo.
- Haramo tsy azo hanina koa ny biby mandady rehetra toy ny olitra, ny biby kely rehetra toy ny lolo, moka, apongo, parasy, kalalao, lalitra, faroratra, tarondro, voalavo rehetra, sokina, trandraka, sokatra, sns….
- Haramo tsy azo hanina koa ny : alika, kisoa, elefanta, bitro, gidro karazany rehetra, sns…

***IRETO BIBY AZO HANINA (Halal)***

- Omby, rameva, soavaly, bengy (osy), Ondry, apondra (âne), serfa (cerf), sns….

**TANDREMO**

- Filahiana sy fivavian'ny biby rehetra dia tsy azo hanina (haramo)
- Ny atodin'ny vorona haramo dia haramo koa ny mihinana azy.
- Ny mason'ny biby rehetra toy ny mason'ny vorona sy ny trondro dia tsy azo hanina (haramo).

**FANONTANIANA**

1- Tanisao ny vorona manidina telo tsy azo hanina ?

2- Moa ve azo hanina ny atsantsa, trondro tsy misy kirany, amalona, sahona drakaka ?

3- Moa ve azo hanina ny biby tsy voalenta araka ny fomba islamika ?

4- Inona ny teny tenenina rehefa manapaka (mandenta) biby ?

# NY SOALAT

## IREO ASA FIOMANANA TAKIANA MIALOHAN'NY SOALAT

**NY TAHARATE :**

Ny antsoina hoe: Taharate dia ny fahadiovan'ny vatana, fitafiana, ary ny sakafo sy ny hafa koa, ho lavitr'ireo loto antsoina hoe : NAJASATE. Mba hahatonga ny vatana ho madio araky ny fombam-pinoana dia misy fomba enti-midio amin'ny alalan'ny Wozo, ghoslo ary ny tayamom.

**NY NAJASATE :**

Ny antsoina hoe: najasate dia ireo loto izay tsy maintsy halavirina raha hivavaka (soalat) ny olona iray , Mizara roa ny Najasate :

1- Dia ireo loto najis ventiny izay hita maso antsoina hoe : Khabas.

2- Dia ireo loto izay tsy azo tsapaintànana antsoina hoe : Hadas

a- **Ny Najasate Khabas :**

Averina eto indray fa ny antsoina hoe najasate Khabas : dia ireo loto hita maso azo tsapain-tanana; ireto avy izy ireo: 1- ny kaka; 2- ny pipy; 3- ny lio; 4- ny ranon'aina; 5- ny alika; 6- ny kisoa; 7-ny toaka, 8- ny kafir; 9- ny fatim-biby; 10- Fatin'olombelona mbola tsy natao Ghosla.

**Ndao ary ho jerentsika tsirairay ireo loto folo ireo:**

**1-2**. **Ny kaka sy ny pipy** : dia anisan'ireo maloto (najis) raha avy amin'ireo biby tsy fihinana ny henany.

**3-4**. **Ny lio sy ny ranonaina :** najis maloto izy ireo raha avy amin'ireo biby misy lalan-drà lehibe eo amin'ny tendany ary rehefa lentaina izy dia miporitsaka na mivoaka mafy ny rà avy ao aminy.

**5-6. Ny alika sy ny kisoa** : izay rehetra eny amin'izy ireo dia maloto avokoa.

**7- Ny toaka :** ny antsoina hoe toaka dia zava-pisotro rehetra misy alikaola no sady mahamamo ny fisotroana azy. Najis ny toaka ary ny fisotroana azy dia voarara (haramo).

**8- Ny kafir :** ny antsoina hoe kafir dia ny olona izay tsy mino an'Andriamanitra ilay avo indrindra.

**9- Ny fatim-biby :** dia ny biby lehibe maty ho azy, na ny biby tsy nolentaina araka ny fombam-pinoana.

- Mifindra amin'ny alalan'ny hamandoana betsaka ireo najasate rehetra voalaza ireo, fa raha maina ilay loto najasate ary ny mpitsapa koa maina dia tsy misy ny fifindrana.

**10-** ***Ny fatin'olombelona mbola tsy natao Ghosla mayity dia NAJIS KHABAS.***

**b- Ny Najasate hadas :**

Averina eto indray fa ny antsoina hoe najasate hadas dia ireo loto izay tsy azo tsapain-tànana mitranga amin'ny olona iray vokatry ny fanaovana ireto zavatra manaraka ireto :

Ny fikakazana, ny fipipizana, ny famoahana rivotra, ny torimaso sy izay rehetra mety mahatonga ny fahaverezan-tsaina toy ny fahatoranana, ny hadalana sy ny hafa koa…ireo ny atao hoe: hadas kely. Ary amin'ny alalan'ny fanaovana Wozo no fidiovana aminy.

Mbola misy ihany koa ireo loto hafa vokatry ny fivoahan'ny ranonaina (janaba), ny fitsapana faty, ary ny heyz (fadimbolan'ny vehivavy)… ireo no atao hoe: hadas lehibe. Ary amin'ny alalan'ny ghoslo no fidiovana aminy.

**1- Ny janaba :** rehefa mivoaka amin'ny olona ny ranonaina dia janaba no fiantso azy, na koa rehefa misy firaisana ara-nofo na dia tsy misy ranonaina mivoaka aza. Tsy maintsy mandro ghoslo izy mba hadio (Toahara). Indreto misy asa vitsivitsy tsy azon'ny olona janaba atao ny manatanteraka azy: ny fikasihana ny vatan'ny Kor'any Masina, ny fitsapana ny Anaran'Andriamanitra (Allah), tsy azony atao tahaka izany koa ny mipetraka sy miditra ao anaty Moské sy ireo toerana masina hafa. Tsy tsara (makroho) ho an'ny olona janaba ny mihinana na misotro.

2- **Ny fitsapana faty** : antsoina hoe nitsapa faty ny olona iray rehefa nisy ny fifampikasohana taminy sy tamin'ilay maty; raha toa ka izany faty izany efa mangatsiaka no sady tsy mbola vita fampandroana. Ny olona avy nitsapa faty dia tsy maintsy mandro ghoslo mayet.

3- **Ny Heyz** : Ny fadimbolan'ny vehivavy rehefa tapitra ny fivoahan'ny lio dia tsy maintsy mandro ghoslo heyz izy. Ny vehivavy mandritra ny heyz dia tsy mahazo manao soalat na mifehy.

## NY MOTAHIRATE

Ny motahirate no iantsoana ireo zavatra rehetra nofaritan'ny lalàna ho azo enti-manadio ny zavatra voaloto (Motanajis, ireto avy izy ireo: 1- ny rano; 2- ny tany; 3- ny masoandro; 4- ny istihala; 5- ny inn-kilab; 6- ny inn-tikal; 7- ny finoana Islamo; 8- ny tabiya 9- ny istibra; 10- ny ghayba tol-moslim; 11- ny zaoal najasa.

**1- Ny rano :** amin'ny ankapobeny dia ny rano no tena miasa betsaka eo amin'ny fanadiovana ireo zavatra voaloto.

Mizara roa ny rano dia ny rano motlak sy ny rano mozaf.

**a- <u>Ny rano motlak :</u>** dia rano tsotra tsy mifangaro amin'ny zavatra hafa, toy ny rano avy amin'ny vovo, rano amin'ny paompy; io ilay rano ampiasain'ny olona andavan'andro, handrahoana, hanasana, hanondrahana. Anisan'ny rano motlak ihany koa ny renirano, ny ranomasina….sns. Azo zaraina roa ny rano motlak, dia ny rano kely sy ny rano be.

- *Ny rano kely :* antsoina hoe kely ny rano rehetra izay latsaky ny 337 kg ny lanjany; ohatra ny rano anaty siny, barika sns….. Ny rano kely raha vao ilatsahan'ny loto faran'izay kely aza dia maloto avy hatrany.
- *Ny rano be* : antsoina hoe be ny rano izay mihoatra ny 337 kg ny lanjany; ohatra ny rano amin'ny paompy, vovo, renirano, ranomasina….sns. Ny ranobe dia tsy mora maloto na dia ilatsahan'ny loto aza, raha tsy hoe ahitana fiovana ny lokony na ny fofony na ny tsirony.

**b- Ny rano mozaf** : dia rano izay mifangaro amin'ny zavatra hafa, toy ny ranom-boasary, dité, sirop, jus….sns. Ny rano mozaf dia tsy azo anadiovana ny zavatra voaloto (motanajis), tsy azo anaovana Wozo sy ghoslo ihany koa izy. Mora voaloto ny rano mozaf, koa raha vao ilatsahan'ny loto (najis) kely fotsiny aza izy dia maloto avy hatrany.

## NY FOMBA FANADIOVANA AMIN'NY RANO

### *A-IREO FITAOVANA FAMPIASA ANDAKOZIA :*

Raha ny fitaovana ampiasaina amin'ny fisakafoanana na fisotroana (ohatra: vilia, sotro, vilany, kopy) no voaloto vokatry ny fisotroan'ny alika na ny fihinanany taminy, dia tsy maintsy diovina atao toahara vao azo ampiasaina. Toy izao ny fomba fanadiovana azy: alaina ny fotaka (tany+rano) ahosotra ilay fitaovana aloha avy eo dia esorina amin'ny rano, tsy ampy izany fa tsy maintsy mbola atao toahara amin'ny rano, izany hoe raha ranobe no ampiasaina dia kobanina in-1, fa raha rano kely kosa dia in-2 (Mba hampadio tsara ilay fitaovana dia tsy voarara ny fampiasana savony). Raha kisoa na voalavo no nahatonga an'ilay fitaovana haloto dia tsy maintsy diovina atao toahara ka kobanina amin'ny rano be na rano kely im-7. Raha toaka no nahatonga ny loto dia atao toahara kobanina in-3 amin'ny rano be na kely. Fa raha ankoatra ireo loto efatra voatanisa ireo no nahatonga ny loto dia tsy maintsy hatao toahara kobanina in-3 amin'ny rano kely ary in-1 amin'ny ranobe.

### B- IREO ZAVATRA HAFA ANKOATRA NY FITAOVANA ANDAKOZIA :

Ny zavatra rehetra voaloto ankoatra ny fitaovana andakozia, toy ny vatana, ny fitafiana, ny hafa koa dia ampy ny fanadiovana azy ireny ho toahara, kobanina indray mandeha amin'ny rano be na rano kely.

Ny fitafiana izay voaloton'ny pipy dia tsy maintsy atao toahara in-2 amin'ny rano be na kely. Ny fametrahana ny lamba fotsiny ao anaty rano dia tsy ampy fa tsy maintsy fihazana tsara aorian'ny fanakobanana azy. Ny lamba vita toahara amin'ny ranon'orana mandritry ny firotsahana avy any an-danitra dia tsy ilaina ho fihazana intsony.

**2- Ny tany :** dia manadio ny faladian-tongotra fotsiny. Ny fandehanana eo ambonin'ny tany na ny fikosehana azy aminy no fomba fidiovana.

**3- Ny Masoandro :** dia manadio ny vainga voaloto rehetra miraikitra amin'ny tany, ohatra: ny vato, ny zava-maniry, ny trano sy izay rehetra miaraka aminy toy ny varavarana, ny andri-trano ary ny tafo…..sns.

**4-** ***Ny istihala*** *:* dia ny fiovana mety ho hita amin'ny zavatra iray maloto ho lasa zavatra hafa mihitsy, ohatra: ny alika efa maty ela be ka miova lasa tany, raisina ho madio toahara io tany io.

**5-** ***Ny inn-kilab :*** dia ny fiovan'ny divay ho lasa vinaigre. Ny divay dia Najis, kanefa rehefa niova vinaigre izy dia azo lazaina ho toahara io vinaigre io.

**6-** ***Ny inn-tikal*** : dia ny fifindran'ny ràn'ny olona makany amin'ny biby kely, ohatra: ny rà avy notsetsafin'ny moka na ny apongo na ny parasy tamin'ny olona dia raisina ho ràn'ilay biby kely, toahara io rà io.

**7-** ***Ny Finoana Islamo*** : ny olona kafir rehefa niditra ny finoana Islamo dia raisina ho madio toahara avy hatrany.

**8-** ***Ny tabiya*** : dia ny fanarahan'ny zavatra iray najis ho lasa toahara manaraka ny zanany rehetra izay tsy mbola ampy taona dia toahara manaraka azy. Toy izany koa ny divay niova ho vinaigre, koa satria efa madio ny vinaigre dia madio manaraka azy koa ny damizana misy azy.

**9-** ***Ny istibra*** : ny pipy sy ny kaka ary ny henan'ny biby fiompy avy nihinana loton'olona dia najis. Ny fanadiovana azy dia ny fanaovana "istibra" azy ireo, izany hoe, sakanana ilay biby fiompy tsy hihinana ilay loto intsony ao anatin'ny fotoana voafetra mba ho lasa madio ny pipiny, ny tainy, ary ny henany: ny rameva 40 andro, ny omby 30 andro, ny ondry sy ny osy 10 andro, ny ganagana dia 7 andro, ny akoho dia 3 andro. Sakafo madio no homena azy ireo mandritra io fotoana io.

**10-** ***Ghaybatol moslim*** : raha sendra voan'ny loto ny fitafiana na any vatan'ny olona mpino iray, avy eo dia nisy fotoana tsy nahitana azy , raisina ho madio toahara avy hatrany izy na ilay fitafiany aorian'ny tsy nahitana azy.

**11-** ***Ny zaoal najasa :*** dia ny fialan'ny loto ho azy na ny fanasorana azy eny amin'ny vatan'ilay biby voaloto dia ampy hanadio ilay biby avy hatrany.

# NY TSARA HO FANTATRA MIKASIKA NY FOMBA

## FIVOAHANA

Raha hivoaka isika (izany hoe : hi-kaka na hi-pipy) dia ireto misy fepetra tsy maintsy arahina :

1- Ny toerana hivoahana dia tokony ho toerana takona manafina ny boridan'ny olona fa tsy ankalamanjana.

2- Tsy azo atao ny manao maloto amin'ireto toerana manaraka ireto :

- Toerana tsy nahazoana alalana amin'ny tompony,
- Fanasan'ny olona mpino, na toerana masina hafa toy ny tokontanin'ny Moské…

3- Eo ampivoahana dia tsy azo atao (haramo) ny mitodika na miamboho ny kiblat.

4- Rehefa vita ny natao dia tsara ny manadio ny faritra nivoahan'ny loto amin'ny rano.

## NY VOZO

Ny vozo dia fomba fidiovana iray tsy maintsy atao mialohan'ny fivavahana soalat.

Ny fepetra takiana mialohan'ny fanaovana vozo: mba hahatonga ny vozo ataonao ho marina sy ho tomombana dia ireto misy fepetra tsy maintsy arahina:

1- Ny rano ampiasaina dia tsy maintsy rano madio motlak.

2- Ny rano na ny toerana hanaovana vozo dia tsy tokony ho toerana nalaina ankeriny (ghasbi) na toerana tsy nahazoana alalana avy amin'ny tompony raha an'olona ilay izy.

3- Ny siny na izay fitoeran-drano ampiasaina dia tsy tokony ho vita amin'ny volamena na volafotsy.

4- Ny faritra amin'ny vatana izay ho sasana atao wozo dia tokony ho madio mialoha (toahara).

5- Tokony amin'ny fikasana tokana ho fankatoavana an'Andriamanitra fa tsy noho ny zavatra hafa no hanavovana vozo.

6- Ny vozo dia tokony tanterahina araky ny filaminany sy ny firafiny efa voatondro.

7- Tsy tokony hisy elanelam-potoana maharitra eo amin'ny asa roa mifanarakaraka.

8- Tsy mety raha olona hafa no mampanao vozo ny namany raha tsy amin'ny fotoan-tsarotra.

9- Ny faritra ho sasana na ho safoina dia tsy tokony hisy sarona, na venti-javatra mipetaka manakana ny fahatongavan'ny rano amin'ny hoditra, (ohatra: ny tseroka matevina, ny loko, ny platre, vernis à ongle, ny menaka ...)

## NY FOMBA FANAOVANA VOZO

Alohan'ny rehetra dia ny fikasana "niyat" no tsy maintsy atao :

- Ataoadha'o korbatanne ila llahi taala. (Manao vozo aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

- Tsara (mostahab) ny fanasana ny tànana roa , ny fihotsanam-bava ary ny fanakobanana ny orona mialoha ny tena wozo. Avy eo dia atomboka ny fanaovana wozo amin'ny :


(a)- Fanasana tarehy. (Sary N° 1-2)

(b)- Fanasana ny tànana havanana avy eo ny havia, manomboka eo amin'ny kiho ka mipaka amin'ny lohan-dratsatànana. (Sary N°3-4)

(c)- Rehefa vita ny fanasana ny tànana dia safoina ny tampon-doha amin'ny felan-tànana havanana. (Sary N°5-6)

(d)- Safoina tahaka izany koa ny voho-tongotra havanana amin'ny felan-tànana havanana ary ny vohon-tongotra havia amin'ny felan-tànana havia.

( Sary N°7-8)


1
2
3
4
5
6
7
8

**IREO ASA MANAFOANA NY HASIN'NY VOZO:**

Ny olona rehetra avy nahavita ny vozo dia lazaina fa toahara (madio), saingy ny fanaovana ireto asa manaraka ireto dia manafoana ny mahatoahara azy:

1- Ny fanaovana kaka na pipy

2- Ny famoahana rivotra

3- Ny fanaovany ireo zavatra mety nahavery ny sainy, ohatra: ny fatoriana, ny fahamamoana, ny fahatoranana, ny adalàna ary ny hafa koa ...

**NY GHOSLO**

Ny olona janaba, na avy nitsapa faty, na vehivavy tapitra ny fadim-bolana dia tsy maintsy mandro ghoslo tsirairay avy alohan'ny hivavaka hanao soalat.

**NY FEPETRA TAKIANA MIALONAN'NY HANDRO GHOSLO**

1- Ny rano ampiasaina dia tsy maintsy rano madio motlak no sady ara-dalàna tsy nalaina an-keriny, na rano tsy nahazoana alalana avy amin'ny tompony.

2- Tahaka izay koa ny toerana hanaovana ghoslo, dia tsy maintsy toerana ara-dalàna.

3- Raha sendra misy loto (najis) eny amin'ny vatana dia tsy maintsy esorina izany mialohan'ny fandroana ghoslo.

**FOMBA FANAOVANA GHOSLO:**

Ny fikasana niyat dia tsy maintsy atao alohan'ny manomboka ny ghoslo, tahaka izao manaraka izao :

-Aghtasilo minal janaba (mine massil-mayit, minnal heyz) korbatanne ila llahi taala.

-Handro ghoslo noho ny janaba aho (-na noho ny fikasihana faty – na noho ny heyz) mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra.

***Azo tanterahina amin'ny fomba roa ny fandroana ghoslo :***

1- Ny fomba voalohany antsoina hoe: TARTIBI, sasaina aloha ny loha sy ny vozona, rehefa vita izany dia sasaina indray ny ilan'ny vatana havanana avy eo dia ny havia. Tsy mety ny hanasana ny vatana mialohan'ny loha.

2- Ny fomba faharoa antsoina hoe: IRTIMASI , ny irtimasi dia midika hoe fandrobohana na fanitrihana ny vatana iray manontolo anaty rano be, toy ny rano anaty "bassin" na ny renirano, na ny ranomasina... Koa rehefa mitraka avy eo izy dia, efa madio toahara.

**IREO GHOSLO MOSTAHABO**

Tsara ary amporisihina ny fanaovana ghoslo amin'ireto andro sy fotoana manaraka ireto :

1-Ny andro zoma mialohan'ny fotoana fivavahana soalatol-joma.

2- Ny alin'ny 1, 10, 19, 21, 23,24 , Volana Ramadany.

3- Ny andron'ny idd ol fitra sy idd ol adh-ha

4- Ny andron'ny 8, 9 amin'ny volana dhil haj.

5-Ny olona avy nikasika faty rehefa avy nampandroina.

6- Rehefa manapaka biby atao sakrifisy (sorona).

7-Ny zaza vao teraka.

8- Alohan'ny hanao istikhara amin'ny Kor'any masina na amin'ny tasbih.

## NY TAYAMOM

### 1- Ny Antony hanaovana tayamon

Indraindray dia misy fotoana izay tsy ahafahan'ny olona manao Wozo na Ghoslo, ny antony dia na tsy fisian'ny rano eo amin'ny tanàna honenany, na misy ihany ny rano saingy ny fampiasana azy dia mety hampitombo aretina ka hamparary azy, na noho ny hateren'ny fotoana, na noho ny tsy fahafahany mankany amin'ny toerana misy rano vokatry ny halavirana ohatra, na noho ny antony hafa koa….

Noho ireo antony ireo dia tsy maintsy manao tayamon izy ho solon'ny Wozo na ny ghoslo mba hahafahany mivavaka, satria tsy azony atao mihintsy ny mivavaka soalat tsy misy wozo na ghoslo na tayamom.

### 2- Amin'ny inona no hanaovana ny tayamom.

Tsy mety ny tayamom raha tsy amin'ny tany, na ny fasika, na vato voajanahary toa ny vatolampy sy ny marbra ary ny hafa koa izay heverina ho isan'ny tany.

### 3- Ny fepetra takiana mialohan'ny tayamom

a- Tokony ho madio toahara ny tany hanaovana ny tayamom.

b- Tsy mety ny tayamom atao amin'ny fotaka.

c-Ny toerana sy ilay zavatra hanaovana tayamom dia tokony ho ara-dalàna.

d- Tsy tokony ho harena ankibon'ny tany toy ny vy , volamena, volafotsy, no hanaovana tayamom.

e- Ny tany hanaovana tayamom dia tsy tokony hifangaro amin'ny zavatra hafa izay tsy azo hanaovana tayamom.

f- Alohan'ny manomboka ny tayamom dia tsy maintsy esorina ny peratra na ny bracelet raha misy.

**4-Ny fomba fanaovana tayamom**

*Voalohany* : Ny fikasana (Nyat)- Atayamam badalanne anil odho (ao badalane anil ghoslo) korbatane il llahi ta'ala.

(Hanao tayamom aho ho solon'ny wozo na hosolon'ny ghoslo mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

*Faharoa :* Avy eo dia hakapoka mafy amin'ny tany ny felatanana roa, rehefa vita izany dia ahintsana amin'ny tànana ihany ny tany na ny fasika mipetraka eny amin'ny felan-tànana. (Sary N°1)

*Fahatelo :* Avy eo dia atambatra ny felan-tànana roa ary akosoka ny handrina iray manontolo. (Sary N° 2-3)

Fahaefatra : Avy eo dia fahona amin'ny ati-tànana havia ny voho-tànana havanana manomboka hatreo amin'ny hato-tànana (poignet) ka hatrany amin'ny lohan-dratsa-tànana, dia tahaka izany ihany koa no hanaovana ny vohon-tànana havia, fahona amin'ny hatin-tànana havanana. (Sary N°4)

**TAYAMOM**



## NY SOALAT

***1-Ny toerana hanaovana soalat :***

Tsy maintsy ara-dalana ny toerana hanaovana soalat fa tsy toerana nalaina an-keriny na tsy nahazoana alalana avy amin'ny tompony.

Ny Moské no toerana mendrika sy tsara indrindra hanaovana soalat.

**2-*Ny momba ny fitafiana hanaovana amin'ny soalat :***

Tsy maintsy takonana amin'ny fitafiana madio sy matevina ny henatra mandritra ny fivavahana :

-Ny boridan'ny lehilahy dia ny filahiana manontolo, ary ny fitombenana,

-Ny boridan'ny vehivavy dia ny vatana iray manontolo afa-tsy ny tarehy, ny felan-tànana roa ary ny tongony.

Ny fisehon'ny iray amin'ireo faritra voalaza fa boridana ireo mandritra ny fivavahana dia manimba azy avy hatrany.

**3- Ny fotoanan'ny fivavahana soalat isanandro :**

Tsy azo tanterahina amin'ny fotoana rehetra izay tiana ny fivavahana atao isan'andro fa misy fotoana manokana voatondro efa nofaritan'ny chariat Islamo anaovana azy; miisa dimy (5) ny fivavahana soalat isan'andro dia ireto avy izy ireo :

a- Ny soalat al-Fajri : dia fivavahana maraina, manana rakaat roa- ny fotoana fanaovana azy dia manomboka ny mangirandratsy ka hatramin'ny fiposahan'ny masoandro.

b- Ny Soalat al-Dhohri : dia fivavahana atoandro, manana rakaat efatra, ny fotoana fanaovana azy dia manomboka ny zaoal (mitatao vovonana somary efa mihilana kely miankandrefana ny masoandro) ka hatramin'ny masoandro milentika.

c- Ny soalat al-Ansri : dia fivavahana atoandro (après-midi), manana rakat efatra mitovy fotoana amin'ny soalat al-dhohri. Ny fotoana farany mialohan'ny masoandro hilentika dia voatokana ho an'ny soalat-al-Ansri.

d- Ny soalat al-Magrib : dia fivavahana hariva, manana rakaat telo, ny fotoana fanaovana azy dia manomboka eo amin'ny filentehan'ny masoandro ka hatramin'ny misasak'alina.

e- Ny soalat al-Icha : dia fivavahana alina, manana rakaat efatra, ny fotoana fanaovana azy dia mitovy amin'ny soalat al-magrib.

**4-Ny fitodihana kiblat**

Ny tiana ambara amin'ny hoe "fitodihana" dia ny tsy maintsy itodihana manoloana ny Kaaba tranon'Andriamanitra any la Mekka mandritra ny soalat. Raha eto Madagasikara dia any avaratra no misy ny fitodihana kiblat.

**5- Ny Adhan sy Ikamat :**

**a- Ny adhan:**

Tsara (mostahab) ny fanaovana ny adhan mialohan'ny soalat. Atao amin'ny feo ambony izy mba ho ren'ny manodidina, satria ny adhan dia fiantsoana ny olona hivavaka. Tahaka izao manaraka izao ny fanaovana azy :

- Allaho Akbar — in-4

  (Andriamanitra ilay lehibe indrindra)
- Ach-ha doal la ilaha ila llah — in-2

  (Vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra hafa afa tsy Allah)
- Ach-ha doanna Mohammadarrasolollah — in-2

  (Vavolombelona aho fa I Mohammad dia irak'Andramanitra)
- Ach-ha doanna Aliyanne oali-ollah — in-2

  (Vavolombelona aho fa I Ali dia Olona masina sakaizan'Andriamanitra)
- Haya â'anla soalat — in-2

  (Faingana ho any amin'ny fivavahana (soalat)
- Haya â'anla falah — in-2

  (Faingana ho any amin'ny fanavotana)
- Haya â'anla Khairil amal — in-2

  (Faingana ho any amin'ny asa faran'izay tsara indrindra)
- Allaho Akbar — in-2

(Andriamanitra ilay lehibe indrindra)

- La ilaha ila llah — in-2

(Tsy misy Andriamanitra hafa afa tsy Allah)

**b- Ny Ikamat :**

Aorian'ny adhan dia tsara ny fanaovana Ikamat. Amin'ny alalan'ny Ikamat no manomboka mitsangana voalohany ny olona hivavaka, izany hoe ny Ikamat no mampitsangana azy ireo.

- Allaho Akbar — in-2
- Ach-ha doal la ilaha ila llah — in-2
- Ach-ha doanna Mohammadarrasolollah — in-2
- Ach-ha doanna Aliyanne oali-ollah — in-2
- Haya â'anla ssoalat — in-2
- Haya â'anla falah — in-2
- Haya â'anla Khairil amal — in-2
- Kad kaa mati ssoalat — in-2

(Efa mitsangana ny soalat)

- Allaho Akbar — in-2
- La ilaha ila llah — in-1

## NY FOMBA FANAOVANA SOALAT

**1- <u>Ny soalat al-Fajri</u>**

Rakaat voalohany Mijoro (Kiam) (sary N°01)

**a- Ny fikasana (Niyat) :** Osoali soalat al-fajri rakatainy korbatanne ila llahi taala.

(Mivavaka soalat al Fajre rakaat roa aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

**b- Ampiakaro hatreo amin'ny sofina ny tànana roa no sady miteny hoe:**

allaho akbar (Takbiratol Ihram).

***c- Ampidino ny tànana ary apetraho eo ambony fe avy eo dia vakio ny "sourate alhamdo".***

- Aondho billahi mina chaitoani rajim (mangataka fiarovana amin'Andriamanitra amin'ny satana lavitry ny famindrapo aho).
- BISMILLAHI-IR-RAHMAN-IR-RAHIM

  (Amin'ny anaran'Andriamanitra ilay be fiantrana, ilay be indrafo)
- ALHAMDO LIL-LAHI RABIL ALAMIN

  (Ny Dera sy ny Voninahitra rehetra dia an'Andriamanitra Ilay Tompon'izao tontolo izao.)
- AR-RAHMAN IR-RAHIM

  (Ilay be fiantrana sy ilay be indrafo)
- MALIK YAOM-ID-DIN

  (Tompom-pahefana manontolo amin'ny andro hanolorana ny tsirairay ny sandan'ny asany.)
- IYAKA NA ABODO

  (Ianao irery ihany no tompoinay )
- OA IYAKA NASTAINN

  (ary Ianao irery ihany koa no angatahanay famonjena.)
- IHDINA-S-SIRAT-AL-MOSTAKIM

  ( Tariho mandrakariva amin'ny làlana mahitsy izahay,)
- SIRAT-AL-LADHINA AN'AMTA ALAYHIM

  (izay làlana nizoran'ireo nomenao fahasoavana,)
- GRAYR-IL-MAGH-DHOBI ALAYHIM

  (fa tsy ny an'ireo izay niharan'ny fahatezeranao)
- WA LA – DH-DHOALLIN

  (na ireo very làlana.)

***d- Avy eo dia vakio ny sourate feno, anankiray hafa, matetika dia ny sourate al-ikhlas no vakian'ny olona.***

- BISMILLAHI-IR-RAHMAN-IR-RAHIM

  *(Amin'ny anaran'Andriamanitra ilay be fiantrana, ilay be indrafo)*
- KOL HOA LLAHO AHAD

  (Lazao hoe: "Izy no Andriamanitra tokana.)
- ALLAHO A- SAMAD

  (Andriamanitra Ilay hany ianteheran'ny rehetra,)
- LAM YALID OALAM YOLAD

  (sady tsy niteraka Izy no tsy nateraka,)

- OA LAM YAKOL LAHO KOFOANNE AHAD

  (ary tsy misy na iray aza mitovy Aminy)

***e- Miondreha ary apetraho eo ambony lohalika ny Tanana roa no sady miteny heo : (Rooko) (Sary N°2)***

- SOBHANA RABBI YAL ADHIMI OA BIHAMDIH, Allahomma soali ala Mohammad oa aali Mohammad

  *(Voninahitra anie ho an'ilay Tompo ilay lehibe indrindra ary dera sy laza ho Azy. Allah o! Tahio i Mohammad sy ny taranany)*

***f- Mitraka ianao dia mijoro mahitsy ary mitenena hoe :***

- SAMIAN LLAHO LIMAN HAMIDAH, Allaho akbar.

  (*Mandre izay midera azy Andriamanitra)*

***g- Avy eo dia mipetraha amin'ny tany hiankohoka ianao, atehafo amin'ny tany ny handrina, ny ati-tanana roa, ny lohalika ary ny ankihibe-tongotra roa, no sady miteny hoe : (Sojod) (Sary N°3)***


- SOBHANA RABBI YAL AALA OA BIHAMDIH, Allahoma soalli ala Mohammadin oa aali Mohammad

  *(Voninahitra anie ho an'ny Tompoko ilay avo indrindra, ary dera sy laza ho Azy. Allah o! Tahio i Mohammad sy ny taranany*).

***h- Rehefa vita ny fiderana dia atrakao ny loha, ary mipetraha mahitsy tsara, ny ranjonao no hipetrahanao ary mitenena hoe : (Sary N° 4)***

- Allah akbar, ASTAGHFIROLLAH RABBI OA ATOBO ILAYIH,Allah Akbar.

  *(Allaho akbar; mangataka famelana amin'ny Tompoko aho mibebaka aminy, Allaho Akbar)*




Talimondine 2021.indd 46 27/09/2021 17:17:40

***i- Avy eo dia manaova sojod fanindroany, ary mitovy amin'ilay nataonao teo aloha ihany no atao sy tenenina.***

***j- Rehefa vita io Sojod fanindroany io dia mitraka ianao-avy eo mitsangana amin'ny fitenenana hoe :***

- BIHAOL-LLILAHI OA KOATIHI AKOMO OA AK'OND

  *(Amin'ny herin'Andriamanitra no hitsanganako sy hipetrahako).*

  *Mifarana eto ny raakat voalohany.*

  **Raakat faharoa**

***a- Mitsangana mahitsy tsara ary avereno vakiana indray ny "sorate al-hamdo" sy ny sorate hafa manampy azy.***

***b- Ampiakaro manandrify ny tarehinao ny tananao roa ary ny ati-tanana no atao ambony mba hanao izao fangatahana manaraka izao : (Konot) (Sary N° 5)***

- RABBANA ATINA FI-DONIYA HASANATANNE OA FIL AKHIRATE HASANNATANE OA AKINA ANDHABAN'AAR.

  (Ry Tomponay o ! Omeo anay ny fahasoavana ety an-tany sy ny any an-koatra ary arovy amin'ny famaizan'ny afo be izahay.)

**c-** ***Avy eo dia mihondreha ianao, mitraka, ary mipetraha amin'ny tany hanao sojod tahaka ny nataonao tamin'ny raakat voalohany teo ihany***.

  JOLOS (fipetrahana) (sary N°04)

***d- Rehefa vitanao ireo dia maka toerana, ny ranjo no itombenanao, avy eo dia vakio ny TACHAHOD toy izao manaraka izao : (Sary N°4)***

- Allaho akbar, ACH HADO AN LA ILAHA ILLA LLAH,OAH-DAHO LA CHARIKAA LAH, AO ACH-HADO ANNA MOHAMMADANN ABDOHO OA RASOLOHO, Allahomma soalli ala Mohammadin oa aali Mohammad.

  *(Allaho Akbar; vavolombelona aho fa tsy misy Andriamanitra afa tsy Allah, izy irery ihany tsy manam-paharoa, ary mijoro vavolombelona koa aho fa I Mohammad dia mpanompony sy irany- Allahoma soali ala Mohammadin oa aali Mohammad)*

***e-Rehefa vitanao, ny tachahod dia farano amin'ny (Taslim) ny soalat-nao, ary ampio takbir telo, toy izao manaraka izao no atao : (Taslim) (Sary N°4)***

ASSALAM ANLAIKA AYOHAN-NABI OA RAHMATO LLAHI OA BARAKATOHO.

ASSALAM ANLAINA OA ANLA IBADILLAHI ASSOALIHINA

ASSALAM ANLAIKOUM OA RAHMATOLLAHI OA BARAKATOHO

*Allaho akbar, Allaho Akbar,Allaho Akbar*

*(Ho aminao anie ry Nabi ny fiadanana sy ny famindram-pon'Andriamanitra ary ny fahasoavaNY)*

*(Ho amintsika sy ho amin'ireo mpanompon'Andriamanitra mendrika anie ny fiadanana).*

*(Ho aminareo anie ny fiadanana sy ny famindram-pon'Andriamanitra ary ny fahasoavaNY)*

**2- <u>Ny Soalat al-dhohri</u>**

Raakat Voalohany

a- Ny fikasana niyat : Ossoali soalat al-dhohri arbaa raakat korbatanne ilallahi taala.

(Hivavaka hanao soalat al-dhohri 4 rakaat aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

b- Ny soalat al-dhohri eo amin'ny rakaat roa voalohany dia mitovy amin'izay natao tamin'ny soalat Fajri, rehefa avy nahavita ny tachahod ianao dia mitsangana hiditra amin'ny rakaat fahatelo.

c- Eto amin'ny raakat fahatelo isika izao, aza vakiana intsony ny sourate al-hamdo sy ilay sourate manampy azy fa ity fiderana (dhikro) ity no atao ho eo amin'ny toerany:

- Sobhana-Llahi, oal hamdo lillahi ao la ilaha ila LLah oa Allaho Akbar in-3

*(Voninahitra ho an'Andriamanitra, dera ho an'Andriamanitra ary tsy misy Andriamanitra hafa afa tsy ALLAH, ALLAH ilay lehibe indrindra )*

Avy eo dia mitovy ny rokoho sy ny sojod roa tahak'izay efa nataontsika tery aloha.

Ny fiderana (dhikro) lazaina amin'ny rokoho sy ny sojod dia mitovy tahak'izay efa natao tery aloha ihany.

- Avy eo dia mitsangana indray hiditra amin'ny rakaat faha-4, mitovy amin'izay natao tamin'ny rakaat fahatelo ihany no averina miampy eo ihany ny rokoho sy ny sojod roa

e- Rehefa vita ny sojod nataonao dia maka toerana (jolos), ataovy ny tachahod sy ny taslim ary farano amin'ny takbir telo. Mifarana eo ny soalat al-dhohri.

**3- Ny soalat al-Ansri**

a- Ny fikasana (nyate) : Ossoali soalat al-asri arbaa rakaat korbatanne ila LLahi taala

(Hivavaka hanao soalat al-Ansri 4 rakaat aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

b- Mitovy tanteraka amin'izay natao tamin'ny soalat al-dhohri no atao amin'ny Ansri.

**4- Ny soalat al-Magrib**

a- Ny fikasana (Niyat) : Ossoali soalat al-Magrib salasa rakaat korbatanne ila LLahi ta'ala.

(Hivavaka hanao soalat al-Maghrib 3 rakaat aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra.)

b- rehefa tonga eo amin'ny rakaat fahatelo ianao ary efa nahavita ilay sojoda farany dia maka toerana (jolos) ataovy ny tachahod, manaraka azy ny taslim, avy eo dia farano amin'ny takbir telo.

**5- Ny soalat al-Incha**

a- Ny fikasana (Niyat) : Ossoali soalat al-Incha arbaa rakat korbatanne ila llahi taala.

(Hivavaka hanao soalat al-Incha 4 rakaat aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

b-Mitovy tanteraka amin'izay natao tamin'ny soalat al-dhohri no atao amin'ny soalat al-Incha.

## NY SOALAT AL-KADHAH SY IREO FIHETSIKA MANIMBA NY SOALAT

Ny soalat rehetra izay efa dila ka tsy vita ara-potoana dia tsy maintsy soloina amin'ny fotoana hafa ivelan'ny fotoanany. Io soalat io no antsoina hoe: soalat al'kadhah. Tsara kokoa raha hafainganina ny fanoloana ny soalat tsy vita ara-potoana. Ny fikasana (niyat) atao amin'izany dia toy izao: Ossoali soalat Al-Fadjri kadha-anne rakataini korbatanne ila llahi ta'ala.

(hanao soalat al-Fadjri (ohatra) kadhah roa rakaat aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra).

Ireo fihetsika manafoana ny hasin'ny soalat:

Raha miseho mandritra ny vavaka soalat ny iray amin'ireto fihetsika manaraka ireto dia manimba azy :

1- Ireo zavatra rehetra manimba ny wozo dia manimba ny soalat avokoa.

2- Ny fihinanana sy ny fisotroana

3- Ny firesahana

4- ny fihomehezana

5- Ny fitomaniana

6- Ny fierehana

7- ireo fihetsika manafoana ny endriky ny soalat, ohatra : ny fanjairana, ny dihy, ny tehaka…..

8- Ny fifamatoran'ny tanana roa (taktif)

9- Ny tsy fanaovana ireo andrin'ny soalat (arkano) 5 an-tsitrapo na tsia; dia ireto avy izy ireo: Ny niyat, ny takbiratoul ihram, ny kiyam, ny rokoo ary ny sojod roa.

**Ny soalat antsoina hoe : NAOAFIL : Ny soalat mostahabo mifandray amin'ny soalat Oajib isan'andro no antsoina hoe : naoafil**

a- Ny naoaafilin'ny soalat al-fadjri : rakaat roa alohany

b-Ny an'ny soalat al-dhohr dia rakaat valo atao alohany

c- Ny an'ny soalat  al-Ansri dia rakaat efatra atao alohany

d- Ny an'ny soalat al magrib dia rakaat efatra atao ao aoriany

e- Ny an'ny soalat al-Incha dia rakaat roa atao mipetraka aoriany soalat al – Incha no anaovana azy.

## NY SOALAT AL-MOSAFIRINA

## (Ny fomba fanaovan'ireo mandeha lavitra ny soalat-ny)

### *1- Ny lalàna mifehy ny soalatin'ireo mpandeha :*

Ny olona izay nikasa hivoaka ny tanàna onenany ka handeha ho any amin'ny tanàna hafa misy halaviran-dalana 41 km na mihoatra ary tsy nokasainy hitoerana mihoatra ny folo andro, na ho any amin'ny 22 km mandroso sy miverina no antsoina hoe: mpandeha na Mosafir (voyageur). Ny olona mpandeha rehefa nivoaka ny tanànany, ka efa nihoatra ilay fetra voafaritra (had tarakhos)  dia tsy maintsy manova ny soalat ny ho soalat AL-KASRI. Ny "had tarakhos" dia ny faran'ny tanàna, iray kilometatra miala ny trano farany. Ny soalat al-kasri dia ny fampihenana ny soalat manana rakaat efatra ho lasa

rakaat roa (Al-dhorh, Al-Ansri, Al – Incha). Toy izao ny fikasana (Niyat ) atao amin'izany : Ossoali soalat al-dhohr kasranne korbatanne ila LLahi taala.

Hanao soalat al-dhohri-kasr (fohy) aho mba hanakaiky an'Andriamanitra ilay avo indrindra.

**2- ireo mpandeha tsy mahazo manao soalat al-kasri :**

a- Raha toa ka miankina amin'ny fandehanana ny fotom-pivelomany (Ohatra : ny mpivaro-mandeha, ny mpamily fiarakodia....)

b- Ny olona nandalo amin'ny tanindrazany

c- Ny olona nikasa hipetraka mihoatra ny 10 andro amin'ny tanàna iray.

d- Ny olona tsy nikasa mialoha ny diany.

FAMPATSIAHIVANA :

Mbola maro ny fepetra na lalàna hafa mikasika ny SOALAT, fa amin'ny boky "FIQH" no hamoahana azy .



# تعقيب صلاة الصبح

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

بِسْمِ اللهِ وَصَلَّى اللهُ عَلى مُحَمَّد وآلِهِ وَاُفَوِّضُ اَمْرِي اِلَى اللهِ اِنَّ اللهَ بَصيرٌ بِالْعِبادِ فَوَقاهُ اللهُ سَيِّئاتِ ما مَكَرُوا لا اِلهَ إلاّ أَنْتَ سُبْحانَكَ اِنِّي كُنْتُ مِنَ الظّالِمينَ فَاسْتَجَبْنا لَهُ وَنَجَّيْناهُ مِنَ الْغَمِّ وَكَذلِكَ نُنْجِي الْمُؤْمِنينَ حَسْبُنَا اللهُ وَنِعْمَ الْوَكيلُ فَانْقَلَبُوا بِنِعْمَة مِنَ اللهِ وَفَضْل لَمْ يَمْسَسْهُمْ سُوءٌ ما شاء اللهُ لا حَوْلَ وَلا قُوَّةَ اِلاّ بِالله ما شاءَ اللهُ لا ما شاءَ النّاسُ ما شاءَ اللهُ وَاِنْ كَرِهَ النّاسُ حَسْبِيَ الرَّبُّ مِنَ الْمَرْبُوبينَ حَسْبِيَ الْخالِقُ مِنَ الْمَخْلُوقينَ حَسْبِيَ الرّازِقُ مِنَ الْمَرْزُوقينَ حَسْبِيَ اللهُ رَب الْعالَمينَ حَسْبى مَنْ هُوَ حَسْبي، حَسْبي مَنْ لَمْ يَزَلْ حَسْبي، حَسْبي مَنْ كانَ مُذْ كُنْتُ لَمْ يَزَلْ حَسْبي، حَسْبِيَ اللهُ لا اِلهَ اِلاّ هُوَ عَلَيْهِ تَوَكَّلْتُ وَهُوَ رَبُّ الْعَرْشِ الْعَظيمِ

## TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA MARAINA

### Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Amin'ny anaran'Andriamanitra ! Tompo Andriamanitra anie hitahy ny Mpaminany sy ny fianakaviany; apetrako amin'Andriamanitra ny momba ahy rehetra, fa mahita tanteraka ireo mpanompony Andriamanitra. Miaro ny mpino amin'ny faharatsian'ireo mpanao teti-dratsy Izy. Tsy misy andriamanitra hafa ankoatra Anao, voninahitra anie ho Anao ! Eny, isan'ny mpanao tsy rariny tokoa aho. Novalianay vavaka izy, ary nampanalavirinay azy ny fahoriana, toy izany no hanavotanay ireo mpino. Ampy anay Andriamanitra! Izany no Ilay mpiahy tsara indrindra! Tonga miaraka amin'ny fahatsarana sy ny fahasoavan'Andriamanitra izy ireo, tsy iharan'izay mety ho faharatsiana. Araka izay sitrak'Andria-

manitra, tsy misy hery sy tanjaka raha tsy avy amin'Andriamanitra; araka izay sitrak'Andriamanitra fa tsy araka izay sitraky ny olona; eny araka izay sitrak'Andriamanitra na dia mankahala izany aza ny olona. Ampy ahy ny Tompo manoloana ireo tompoina rehetra; ampy ahy Ilay Mpahary manoloana ny zavaboahary rehetra; ampy ahy Ilay Mpanome anjaram-pahasoavana manoloana ireo nomena anjaram-pahasoavana; ampy ahy Andriamanitra Ilay Tompon'izao tontolo izao; ampy ahy Ilay efa ampy ahy ; ampyahy Ilay ampy ahy hatrany ; ampy ahy Ilay efa ampy ahy hatramin'izay nisiako, ary ho ampy ahy hatrany. Ampy ahy Andriamanitra Ilay tsy misy tompo afa-tsy Izy, Aminy nohianteherako, fa Izy Ilay Tompon'ny Seza fiandrianana lehibe.

# تعقيب صلاة الظهر

## بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

لا إِلهَ إِلّا اللهُ الْعَظِيمُ الْحَلِيمُ، لا إِلهَ إِلّا اللهُ رَبُّ الْعَرْشِ الْكَرِيمُ،
اَلْحَمْدُ للهِ رَبِّ الْعالَمِينَ، اَللّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ مُوجِبَاتِ رَحْمَتِكَ،
وَعَزائِمَ مَغْفِرَتِكَ وَالْغَنيمَةَ مِنْ كُلِّ بِرٍّ وَالسَّلامَةَ مِنْ كُلِّ إِثْمٍ
اَللّهُمَّ لا تَدَعْ لِي ذَنْباً إِلَّا غَفَرْتَهُ، وَلا هَمّاً إِلَّا فَرَّجْتَهُ، وَلا سُقْماً
إِلَّا شَفَيْتَهُ، وَلا عَيْباً إِلَّا سَتَرْتَهُ، وَلا رِزْقاً إِلَّا بَسَطْتَهُ، وَلا خَوْفاً
إِلَّا آمَنْتَهُ، وَلا سُوءً إِلَّا صَرَفْتَهُ، وَلا حاجَةً هِيَ لَكَ رِضاً وَلِيَ
فيها صَلاحٌ إِلَّا قَضَيْتَها يا أَرْحَمَ الرّاحِمِينَ، آمِينَ رَبَّ الْعالَمِينَ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ANTOANDRO

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo.**

Tsy misy tompo afa-tsy Andriamanitra, Ilay lehibe, Ilay befangorahana, tsy misy tompo afa-tsy Andriamanitra, Ilay Tompon'ny Seza fiandrianana be voninahitra, dera ho

an'Andriamanitra Ilay Tompon'izao tontolo izao. Andriamanitraô ! Mangataka Aminao amin'izay mahatonga ny famindram-ponao aho, sy izay mahatonga ny famelankelokao ; ny valisoa amin'ny asa tsara rehetra ; ny fahafahana madio amin'nyfahotana rehetra. Andriamanitra ô ! Aza avelanao hanam-pahotana aho ka tsy navelanao ; na tebiteby ka tsy noesorinao; na aretina ka tsy nositraninao; na kilema ka tsy notakonanao; na anjaram-pahasoavana ka tsy natosakao; na tahotra ka tsy nampitonianao; na haratsiana ka tsy nampanalavirinao; na filàna nankasitrahanao ary mahasoa ahy ka tsy notanterahinao, ô r'Ilay be indrafo indrindra amin'ireo mpamindrafo ! Valio nyfangatahako ry Tompon�означ‟izao tontolo izao !

# تعقيب صلاة العَصر

## بِسْمِ اللّٰهِ الرَّحْمٰنِ الرَّحِيمِ

اَللّٰهُمَّ اِنّي اَعُوذُ بِكَ مِنْ نَفْس لا تَشْبَعُ وَمِنْ قَلْب لا يَخْشَعُ
وَمِنْ عِلْمٍ لا يَنْفَعُ وِ مِنْ صلاةٍ لا تُرْفَعُ وَمِنْ دُعآءٍ لا يُسْمَعُ
اَللّٰهُمَّ اِنّي أَسْأَلُكَ الْيُسْرَ بَعْدَ الْعُسْرِ وَالْفَرَجَ بَعْدَ الْكَرْبِ
وَالرَّخاءَ بَعْدَ الشّدَّةِ اَللّٰهُمَّ ما بِنا مِنْ نِعْمَة فَمِنْكَ لا اِلهَ اِلاّ
اَنْتَ اَسْتَغْفِرُكَ وَاَتُوبُ اَلَيْكَ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA FOLAKANDRO

### Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Andriamanitra ô! Mangataka fiarovana Aminao aho amin'ny fanahy izay tsy mety afapo; amin'ny fo tsy manam-pahatahorana; amin'ny fahalalana tsy ahazoana tombontsoa; amin'ny vavaka fanompoana tsy misandratra; amin'ny fangatahana tsy misy mpihaino. Andriamanitra ô! Mangataka aminao ny fahamorana aho aorian'ny fahasarotana; fahamaivanana aorian'ny fijaliana; fahasambarana aorian'ny fahasahiranana. Andriamanitra ô! Izay fahasoavana rehetratonga aminay dia avy Aminao, tsy misy tompo afa-tsy Ianao, koa mangataka famelana Aminao aho, ary mibebaka eo anatrehanao.

# تعقيب صلاة المَغرب

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

اَللّٰهُمَّ اِنّي أَسْأَلُكَ مُوجِباتِ رَحْمَتِك وَعَزائِمِ مَغْفِرَتِكَ وَالنَّجاةُ مِنَ النّارِ وَمِنْ كُلِّ بِلِيَّة وَالْفَوْزَ بِالْجَنَّةِ وَالرِّضْوانِ في دارِ السَّلامِ وَجوارِ نَبِيِّكَ مُحَمَّد عَلَيْهِ وَآلِهِ اَلسَّلامُ اَللّٰهُمَّ ما بِنا مِنْ نِعْمَة فَمِنْكَ لا اِلٰهَ اِلاّ اَنْتَ اَسْتَغْفِرُكَ وَاَتُوبُ اِلَيْكَ

**TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA MATY MASOANDRO**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo**

Andriamanitra ô ! Mangataka Aminao amin'izay mahatonga ny famindram-ponao aho, sy izay mahatonga ny famelan-kelokao; ny fahafahana madio amin'ny fahotana rehetra; ny valisoa amin'ny asa tsara rehetra; ny famonjena amin'ny afobe; sy amin'ny fijaliana rehetra; ny fahazoana ny Paradisa; sy ny fankasitrahana ao amin'ilay toeram-ponenana feno fiadanana; sy ho eo anilan'ny Mpaminaninao Mohammad, ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fiadanana. Andriamanitra ô! Izay fahasoavana rehetra tonga aminay dia avy Aminao, tsy misy tompo afa-tsy Ianao, koa mangataka famelana Aminao aho, ary mibebaka eo anatrehanao.

# تعقيب صلاة العشاء

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

اَللّٰهُمَّ اِنَّهُ لَيْسَ لي عِلْمٌ بِمَوْضِعِ رِزْقي وَاِنَّما اَطْلُبُهُ بِخَطَرات تَخْطُرُ عَلى قَلْبي فَاَجُولُ فى طَلَبِهِ الْبُلْدانَ فَاَنَا فيما اَنَا طالِبٌ كَالْحَيْرانِ لا اَدْري اَفى سَهْل هُوَ اَمْ في جَبَل اَمْ

فِي اَرْض اَمْ فِي سَماء اَمْ فِي برٍّ اَمْ فِي بَحْر وَعَلى يَدَيْ
مَنْ وَمِنْ قِبَلِ مَنْ وَقَدْ عَلِمْتُ اَنَّ عِلْمَهُ عِنْدَكَ وَاَسْبابَهُ
بِيَدِكَ وَاَنْتَ الَّذي تَقْسِمُهُ بِلُطْفِكَ وَتُسَبِّبُهُ بِرَحْمَتِكَ

اَللّهُمَّ فَصَلِّ عَلى مُحَمَّد وَآلِهِ وَاجْعَلْ يا رَبِّ رِزْقَكَ
لي واسِعاً وَمَطْلَبَهُ سَهْلاً وَمَأخَذَهُ قَريباً وَلا تُعَنِّني
بِطَلَبِ ما لَمْ تُقَدِّرْ لي فيهِ رِزْقاً فَاِنَّكَ غَنِيٌّ عَنْ
عَذابي وَاَنَا فَقيرٌ اِلى رَحْمَتِكَ فَصَلِّ عَلى مُحَمَّد وَآلِهِ
وَجُدْ عَلى عَبْدِكَ بِفَضْلِكَ اِنَّكَ ذُوفَضْل عَظيم

## TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ALINA

### Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Andriamanitra ô! Tsy ananako fahalalana ny toeran'ny anjaram-pahasoavako, fa mitady izany aho noho ny tsy fahatoniana ao am-poko, koa mivezivezy hatraiza hatraiza aho mitady izany; ary sanganehana aho eo am-pitadiavana izany. Tsy fantatro, moa ve eny an-tany lemaka izany sa eny an-tendrombohitra, ety an-tany sa eny an-danitra, ety an-tanety sa eny an-dranomasina, eny am-pelatànan'iza, ary amin'ny alalan'iza ? Fantatro anefa fa Ianao no tena mahalala izany, ary eo am-pelatànanao ny antony hahazoana izany, ary Ianao no mitsinjara izany amim-pitiavana, sy manome izany noho ny fiantranao. Andriamanitra ô! Tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, Tompo ô! Ataovy sesehena ny anjaram-pahasoavana omenao ahy, ary mora ny fitadiavana azy, akaiky ny fahazoana azy; aza rerahanao amin'ny fitadiavana anjaram-pahasoavana aho izay tsy nataonao ho ahy; satria tsy mila ny fanasaziana ahy Ianao, fa izaho kosa mila ny fiantranao; koa tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary aoka Ianao hahalalatànana amin'ny mpanomponao amin'ny fahasoavanao, fa Tompon'ny fahasoavan-dehibe Ianao.

Talimondine 2021.indd 56 27/09/2021 17:17:41

**TONOMBAVAKA ATAO AORIAN'NY SWALAT «MAYT»**

Ity no Dou'an vakina raha lehilahy :

اللهم إن هذا المسجّى قدامنا عبدك و ابن عبدك وابن أمتك نزل بك وأنت خير منزول به ، اللهم إنا لا نعلم منه إلا خيراً وأنت أعلم به منا ، اللهم إن كان محسناً فزده في إحسانه وإن كان مسيئاً فتجاوز عن سيئاته واغفر لنا وله ، اللهم اجعله عندك في أعلى عليين واخلف على أهله في الغابرين وارحمه برحمتك يا أرحم الراحمين

Ity no Dou'an vakina raha vehivavy :

اللهم إن هذه المسجاة قدامنا أمتك وإبنة عبدك وإبنة أمتك نزلت بك وأنت خير منزول به ، اللهم إنا لا نعلم منها إلا خيراً وأنت أعلم بها منا ، اللهم إن كانت محسنة فزد في إحسانها وإن كانت مسيئة فتجاوز عن سيئاتها واغفر لنا ولها ، اللهم اجعلها عندك في أعلى عليين واخلف على أهلها في الغابرين وارحمها برحمتك يا أرحم الراحمين

# FIZAHAN-TAKELAKA

## I- TALIMODINE

Pejy

NY MPINO SILAMO....2
NY FOTOTRA IORENAN'NY FINOANA....3
NY RANTSAN'NY FINOANA ....5
NY SIFATO SOBOTIA....7
NY SIFATO SALBIATE....8
IREO MPAMINANY SY IREO IRAKA ....10
IREO NABI SY NY FAHAGAGANA ....12
IREO IMAM ....13
NY TOAHARA SY NY NAJIS ....17
IREO KARAZAN-JAVATRA VOARARA NA "HARAMO" ....18
IREO DIKAN-TENY ARABO FAMPIASA ....20
IREO MALAIKA....22
IREO DJINN....24
NY FAHALALAMPOMBA ISLAMO ....25
IREO BIBY FIHINANA (Halal) SY NY TSY FIHINANA (Haramo) ....27

## II -TALIMO SOALAT

IREO ASA FIOMANANA TAKIANA MIALOHAN'NY SOALAT....30
NY MOTAHIRATE ....32
NY FOMBA FANADIOVANA AMIN'NY RANO ....33
NY TSARA HO FANTATRA MIKASIKA NY FOMBA....35
FIVOAHANA ....35
NY VOZO....35
NY GHOSLO ....38
NY TAYAMOM ....39
NY SOALAT ....41
NY FOMBA FANAOVANA SOALAT....43
NY SOALAT AL-KADHAH SY IREO FIHETSIKA MANIMBA NY SOALAT....49
NY SOALAT AL-MOSAFIRINA ....50

## III -TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ISAN'ANDRO

TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA MARAINA ....52
TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ANTOANDRO ....53
TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA FOLAKANDRO ....54
TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA MATY MASOANDRO ....55
TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ALINA....56
TONOMBAVAKA AORIAN'NY SWALAT « MAYT » ....57

**Iangaviana isika mba hamaky Sourat al-Fatiha ho an'ny Marhoum-tsika Rossanaly Molou , Nasrine Hedaraly Djaffar ,Djihane Fazle Molou sy ireo Marhoumine rehetra**

**(Edition 2021)**